


DEREK PRINCE MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Ny Toerako Manokana

Mpikambana ao amin'ny tenan'i Kristy aho.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries and Valerie Du Plessis

Nilaza i Jesosy fa raha manana “finoana tahaka ny voan-tsinapy” isika, dia afaka mamindra tendrombohitra (jereo ny Matio 17:20). Tsy ny habetsahan'ny finoanao no zava-dehibe, fa ny kalitao. Ny finoana dia omena ireo izay mahay mandinika ny zava-misy sy manetry tena.

Nahoana Andriamanitra no manome fandrefesana manokana ny finoanao (jereo ny Romana 12:3)? Satria manana toerana manokana ho anao ao amin’ny tenan’i Kristy Izy. Izy no nanendry anao hanao asa manokana amin’ny maha-mpikambana amin’ny tenan’i Kristy anao. Ny finoana Nomeny anao dia natao ho an’ny toerana misy anao eo amin’ilay vatana. Raha tian’Andriamanitra ho tanana ianao, dia Homeny finoana “tanana” ianao. Raha Tiany ho sofina ianao, dia Homeny finoana “sofina” ianao. Raha Tiany ho rantsan-tongotra ianao, dia Homeny finoana “rantsan-tongotra” ianao. Fa raha rantsan-tongotra ianao ka miezaka ny ho orona, dia hisy ny tsy fifandanjana tanteraka eo amin’ilay ezahanao atao sy ny finoana anananao. Ny antony dia tsy hoe tsy ampy finoana ianao, fa miezaka mampiasa ny finoanao amin'ny zavatra tsy natao hampiasana azy. Nomena ho an'ny asa sy toerana manokana anananao ao amin'ny tenan'ny mpino izany.

Ny tanako dia manao asa mahafinaritra amin’ny maha-tanana azy. Manokatra ny Baiboliko izy io, ary mamadika ireo pejy. Manao ny ankamaroany izay angatahiko aminy izy. Fa raha miezaka manao ireo asa ireo amin'ny tongotro aho, dia ho sahirana aho.

Raha miady amin'ny finoana foana ianao, dia mety manao asa tsy mety ianao izay. Tanana miezaka ho tongotra ianao, na tongotra miezaka ho tanana. Izany no fomba itarihan’Andriamanitra anao ho any amin’ny toeranao.

Misaotra Anao, Jesosy, noho ny nanaovanao ahy ho isan’ny tenanao. Manambara aho fa mitarika ahy ho amin’ny toerana manokana ho ahy Andriamanitra, satria rantsambatry ny tenan’i Kristy aho. Amena.

© 2008 - Dries Du Plessis

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-199-MLG

Nohavaozina farany: 02 Nov 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

